# Ilay Voa Tsara Nafafy 15 Aogositra 2020

# 15 **Asabotsy** aogositra

**Fa tsy misy hafa, fa samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra ; nefa hamarinina maimaimpoana amin'ny fahasoavany izy, noho ny fanavotana izay ao amin'i Kristy Jesosy.** Romana 3. 22, 23-24

## Ianao ve efa nahazo filazam-pandikan-dalàna ?

Izaho efa nahazo. Tamin'ny namily fiara aho, dia nihoatra 9 kilaometatra isan'ora tamin'ny hafainganam-pandeha voafetran'ny lalànan'ny fifamoivoizana. Nandritra ny fotoana nanoratan'ilay polisy ny fandikan-dalàna, dia hoy aho anakampo hoe raha hendry izy, dia ny mpamily tena mpanao kitoatoa na ny mpisoloky no henjehiny ! Ny zava-nisy anefa dia hoe nandika lalàna aho, ka noho izany dia tsy maintsy nangina.

Indraindray dia toy izany no fijerintsika ny fahotana : alahatra ara-tsokajy. „Misy ny mpanota lehibe, nandika ampahibemaso ny lalànan'Andriamanitra ; ary misy kosa ireo toa ahy ! Marina fa manao fahadisoana ihany aho indraindray, nefa tsy dia toa azy ireny aho e…". Fa ahoana kosa ny fihevitr'Andriamanitra momba izany ? Tena halany indrindra ny ratsy. Ary isika, ny tsirairay amintsika tsy an-kanavaka, dia samy efa nandika ny sitrapony. Mazava ny lazain'ny Soratra masina nomena antsika androany : „Samy efa nanota izy rehetra, ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra".

Inona no azontsika hatao ? Tsotra ihany : mitoky amin'i Jesosy Kristy, Izay nisolo toerana antsika, nanefa ny sazin'ny fahadisoantsika (Isaia 53. 5). Nampanantena Izy fa raha mametraka aminy ny momba antsika manontolo isika, dia hamela ny helotsika Izy ary hanome antsika aina vaovao.

Ahoana no hahatongavana amin'izany ? Mahafoy tanteraka ny eritreritra hanao zavatra, na inona izany na inona, hoe mba ho mendrika handray ny fahasoavany, ary mandohalika am-panetren-tena eo an-tongotr'i Jesosy sy mibebaka. Miaiky aminy fa mpanota sady nanao fahotana tsy hita isa. Miala amin'ny fitiavan-tena sy ny avonavona ka miteny hoe : „Mamelà ny heloko, ry Tompo Jesosy. Ataovy manjary olom-baovao aho ; ampialao avy amin'ny fahafatesana, ho amin'ny fiainana mandrakizay". Dia hataon'i Jesosy izany.